Lasa Naman’Andriamanitra i Abrahama

GENESISY 12:1-9; 18:1-19; 22:1-18

MPANOMPON’I JEHOVAH I **ABRAHAMA** SY **SARAHA,*** ARY NIPETRAKA TAO ORA. HOY I **JEHOVAH** TAMIN’I ABRAHAMA:

MANDEHANA ANY AMIN’NY TANY HASEHOKO ANAO, DIA HATAOKO HO **FIRENENA LEHIBE** IANAO.

AHOANA HOY I JEHOVAH TAMINAO?

NASAINY **HIALA** ETO ISIKA, DIA HILAOZANTSIKA DAHOLO NY **NAMANTSIKA** SY **HAVANTSIKA.**

VONONA HANAO IZAY REHETRA TENENIN’I **JEHOVAH** AHO.

NIALA TAO ORA I ABRAHAMA SY SARAHA, NEFA TSY FANTANY HOE **HO AIZA** RY ZAREO…

… RY ZAREO KOA **TSY NITERAKA,** DIA HO LASA **FIRENENA LEHIBE** TOKOA VE?

*ABRAMA SY SARAY NO ANARANY TALOHA.

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania



www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

NITERAKA AN'I **ISAKA** TOKOA I SARAHA. **TIAN'I** ABRAHAMA I ISAKA, ARY LASA **TIA AN'I JEHOVAH** KOA I ISAKA.

NASAIN'I JEHOVAH NATAON'I ABRAHAMA **SORONA** I ISAKA, TATỲ AORIANA.

MAFY BE TAMIN'I ABRAHAMA NY NANKATÒ, NEFA **NATOKY AN'I JEHOVAH** IZY SY ISAKA.

AZA VONOINA IZY!

FANTATR'I JEHOVAH FA **TENA NAMANY** I ABRAHAMA. TSY NOVONOINA ÀRY I ISAKA, ARY LASA FIRENEN'ISRAELY NY TARANAK'I ABRAHAMA.

INONA NO IANARANTSIKA AVY AMIN'IO TANTARA IO?

OVIANA NO **MAFY BE** TAMIN'I ABRAHAMA NY NANKATÒ AN'I JEHOVAH?
GENESISY 12:1; 22:1, 2.

NAHOANA NO LASA **NAMAN'ANDRIAMANITRA** I ABRAHAMA?
GENESISY 26:5; HEBREO 11:8-10, 17.

RAHA TE HO NAMAN'ANDRIAMANITRA **IANAO,** DIA INONA NO TOKONY HATAONAO?
SALAMO 15:1-5.

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania